Nosaratan'i Allah ireo didy momba ny lahatra amin'ireo zavaboary talohan'ny Nanamboaran'i Tompo Allah ireo lanitra sy ny tany teo amin'ny dimy alina taona

Tatitra azo avy amin'i Abdillah ibn 'Amr ibn Al-'às (R.A), Niteny ka nanao hoe : Izaho naheno an'ilay Iraka mahafatokin'i Tompo Allah (S.W.A) Niteny ka nanao hoe : " Nosaratan'i Allah ireo didy momba ny lahatra amin'ireo zavaboary talohan'ny Nanamboaran'i Tompo Allah ireo lanitra sy ny tany teo amin'ny dimy alina taona , ka hoy Izy nanao hoe : “ Ary eo ambonin’ny rano ny seza fiandrianany .”

[Mari-pototra] [Notantaraiin'i Moslim]

Milaza amintsika i Mpaminany (S.A.W) fa i Allah dia nanoratra ny amin'ny antsipiriany ny anjaran'ny zavaboary tsirairay izay mbola hitranga eo amin'ny fiainan'izy ireo, toy ny fiainana, ny fahafatesana, ny fivelomana sy ny zavatra hafa maro ihany koa, ao amin'ny solaitrabe voatahiry dimy alina taona talohan'ny namoronany ny lanitra sy ny tany, dia ho tanteraka avokoa izany arakan'izay efa nandidiany fanapahan-kevitran’i Allah ilay avo Tsitoha Ka izay zavatra rehetra miseho sy mitranga dia araka ny lahatra izay efa nandaharan'ny Tompo Allah azy. Ka izay rehetra manjo sy mahazo ny mpanompo iray dia tsy hafaka ho tafihala amin'izany Izy, ary izay rehetra tsy nanjo sy tsy nahavoa Azy ihany koa dia efa voasoratra Aminy.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/65038